# KOLOAINA

■■■■ Ecouter, soutenir, conseiller, accompagner

## Tanjon'ny KOLOAINA :

miady amin'ny fahantrana amin'ny alalan'ny famerenana indray ny fifandraisana

*> « Aiza no ahafahako manao vaksiny ny zanako, manara-maso ny fahasalamany,mahazo ireo vaovao tsara ho fantatra mikasika ireo fanontaniana manitikitika ahy momba ny fivelarany ? »*

*> « Mitondra vohoka aho, kanefa tsy sahy manatona mpitsabo ? ».*

*> « Maniry hanao fandrindrana ny fiainam-pianakaviana aho : Inona no fomba ampiasaina ? ».*

*> « Inona no tokony atao mba ahafahan'ny zanako manana kopia ?*

*> « Maniry aho ny mba ahafahan'ny zanako mandalo fibea-zana akanin-jaza, kanefa tsy lafo loatra : ahoana no atao? ».*

*> « Te-hampitombo ny vola miodina amin'ny varo-ma-dinika izay ataoko aho rAiza no azoko antonina »…*

*> Mifamaly matetika izahay mivady,Tsy haiko intsony izay tokony atao. Aiza aho no afaka mahita fanampiana ?*

*> « Manana fahasembanana ny zanako. Mahatsiaro fadiranovana aho. Iza no afaka manampy ahy mba ahafantatra izay mety ho ilain'ny zanako ? »…*


Maro ireo karazam-panontaniana mety manitikitika antsika tsirairay, **KOLOAINA** dia mety afaka manampy anao amin 'ny fahitana ny vahaolana.

**KOLOAINA,** fikambanana voafehin'ny lalàna malagasy laharana 60-133 ny 03 oktobra 1960, tsy manao politika ary tsy manavaka finoana, niorina ny taona 2003, manohy ny asa nataon'ny ONG Frantsay **Inter Aide** nanomboka ny taona 1994. Nametraka fomba fiasa iray atao hoe « Tantsoroka mavitrika ho an'ny ny fianakaviana », entina manampy hamerenana ny fahatokisan-tena, sy manatratra tanjona mazava mifandraika amin'ny (fahasalamana,fanabeazana, maha-olom-pirenena, teti-bolan'ny fianakaviana,ny trano fonenana,ary ny firindran'ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana)














# Faritra iasana

Koloaina dia miasa amin'ny **Fokontany 30** ao anatin'ny boriborintany 1, faha-3, faha- 4 , faha-6 eto Antananarivo izay ahitana mponina manodidina ny **183 000 hab.** Mizara amin'ny **faritra 7**, ka ahitana birao Koloaina isaky ny faritra, misy mpanentana 2 na 3 vonona hihaino anao.



**FOKONTANY IASANA ISAKY NY FARITRA NY TAONA 2009**

| AMA |
|---|
| Anatihazo Isotry |
| Antetezana Foavoany |
| Andavamamba Anjezika I |
| Andranomanalina Afoavoany |
| Andranomanalina I |
| Andranomanalina Isotry |
| Manarintsoa Isotry |
| Manarintsoa Afoavoany |
| Manarintsoa Antsinanana |

| ANO 1 |
|---|
| Mandrangobato I |
| Mandrangobato II |
| Namontana Madera |

| ANO 2 |
|---|
| Ivolaniray |
| Anosibe Ouest I |
| Anosibe Ouest II |
| Ambohibarikely |

| TSA |
|---|
| Antaniavo |
| Ankorondrano Andrefana |
| Ankorondrano Antsinanana |
| Ankorondrano Andranomahery |
| Tsaramasay |
| Ankazomanga Nord |
| Ankazomanga Sud |

| AMPE |
|---|
| Ampefiloha Ambodirano |

| ANTS |
|---|
| Antohomadinika FAAMI |
| Antohomadinika Centre |
| Ankasina |

| ANDA |
|---|
| Andavamamba Anatihazo II |
| Andavamamba Ambilanibe |
| Andavamamba Anatihazo I |

# Sahan'asa

## Tantsoroka mavitrika ho fampivoarana ny fiainam-pianakaviana : Fomba fiasa manatona ny isam-batan'olona

**NY FITSIDIHANA ISAN-TOKANTRANO :**
Raha irinao, ireo mpanentana ara-tsosialy Koloaina dia tonga manao fitsidihina any an-tokantranonao indray mandeha isan-kerin'andro,mba ahafahana mifanakalo hevitra amin'ireo olana mety ho hitanao amin'ny fiainana andavan'andro. Manampy anao amin'ny famaritana tanjona mazava,manoro hevitra sy mitarika anao amin'ny fanatanterahana izany. Ity tantsoroka atao miaraka aminao ity dia maharitra 8 volana eo ho eo.





**NY FIANDRY RAHARAHA FANDRAISANA OLONA :**
Tongava ao amin'ny birao Koloaina akaiky indrindra ny faritra misy anao. Ny mpanentana Koloaina iray dia vonona hihaino anao, mampahafantatra, manoro-hevitra amin'izay rehetra loha-hevitra mety mahakasika ny fianakaviana. Ireo fiandry raharaha fandraisana olona ireo dia maimaipoana avokoa ary misokatra ho an'ny be sy ny maro.

**DATY, TOERANA SY ORA FANDRAISANA OLONA : MANGATAHA IANAO FANAZAVANA ENY AMIN'IREO BIRAO KOLOAINA NA AMIN'IREO MPANENTANA.**

# Ireo Sehatr'asa rehefa Alarobia

## Ho an'ireo ray aman-dreny sy ny zaza

### Ho an'ireo zaza 0 – 3 taona: Ireo fizahana mialoha ny fahaterahana (PMI) sy ireo sahan'asa famohazan-tsain'ny zaza :

Tongava manara-maso ny fitombon'ny zanakao ara-batana (Lanja, refy, ny sakafo , ny vaksiny, ny fizaha-pahasalamana...) sy ny fivoarany ara-batana sy ara- tsaina amin'ny alalan'ireo sahan'asa famohazan-tsain'ny zaza : lalao, fandroana, vaky boky, mozika... ireo rehetra ireo dia atolotry ny mpanentana Koloaina, izay afaka ihany koa mamaly ireo fanontanianao momba ireo filan'ny zaza , ny fihetsika manome antoka azy, ny maha zava-dehibe ny lalao sy ny firesahana mba ahatsara ny fivoaran'ny ny zazakely .





### Ho an'ireo zaza 4 – 5 taona, ireo sehatr'asa fialam-boly :

Avelao ny zanakao ahafantatra ny tontolo manodidina ny akany fibeazana mialoha ny tena fidirana an-tsekoly sy ho taitra amin'ny alalan'ny lalao, ary tongava ianao maka fanazavana amin'ireo mpanabe ao amin'ny akany fibeazana mialoha ny fidiran'ny zaza any an-tsekoly mikasika ny fomba tokony hatao amin'ny fisoratanan'anarana ho an'ny zanakao.



### Ho an'ny ankizy 6 – 12 taona : Ireo sehatr'asa ho an'ny ankizy :

Amin'ny alalan'ny lalao sy ireo hetsika ara-java-kanto, no hiverenan'ny fahatokisan-tena indray ao amin'ny zanakao sy hampisokatra azy amin'ny tontolo manodidina. Any amin'ny faran'ny taona, dia hasaina ianareo ho tonga hijery ireo zava-bitan'izireo, amin'ny alalan'ny fampiratiana na fampisehoana .



**DATY, TOERANA SY ORA FANDRAISANA OLONA : MANGATAHA IANAO FANAZAVANA ENY AMIN'IREO BIRAO KOLOAINA NA AMIN'IREO MPANENTANA.**

# Ho an'ireo olon-dehibe

**FIHAONANA FIFANAKALOZAN-KEVITRA :**
Manome anao sehatra ankalalahana sy ampanajana mba ahafahana mifampizara traikefa amin'ny fianakaviana hafa, mikasika loha-hevitra isan-karazany, azonao atao ihany koa ny manolotra loha-hevitra dinihina (fivoaran'ny zaza any am-bohoka, fisotroa-toaka,fitaizana ny zaza,ny adolantsento, ny fifandraisan'ny mpivady ...sns).,Koloaina dia afaka ihany koa mitondra fanampi-mpanazavana sy toro-hevitra.





**FIVORIANA ANDINIHINA LOHA-HEVITRA SY VARAVARANA MISOKATRA :**
Taratasy ara-panjakana, tahiry ao antokantrano,fampianarana, tiberkilaozy, fandrindram-piterahana… Loha- hevitra maro samihafa no azo dinihina mandritra ireo fanentanana ireo, izay matetika dia atao ankalamanjana.

**DATY, TOERANA SY ORA FANDRAISANA OLONA : MANGATAHA IANAO FANAZAVANA ENY AMIN'IREO BIRAO KOLOAINA NA AMIN'IREO MPANENTANA.**

## Tarehimarika vitsisitsy

| Sehatr'asa | Isan'ny fitsidihana | Fianakaviana voatsidika / taona |
|---|---|---|
| Tantsoroka ho an'ny fianakaviana | Fitsidihana isan-tokatrano - 2-4/fianakaviana /isam-bolana | 800 fianakaviana narahina |
| Mpiandry raharaha fandraisan'olona | 2 - 3 / herinandro/ faritra | 2 500 dinidinika- |
| Famohazan-tsaina ho an'ny zaza | 1 / volana / faritra | 1 300 nandalo - (600 ankizy) |
| Sehatr'asa fialam-boly | 1 / volana ho an'ny faritra 4 | 600 nandalo (300 ankizy) |
| Sehatr'asa ho an'ny ankizy | 2 / volana / faritra | 1200 nandalo (200voasoratra anarana) |
| Fihaonana fifanan-kalozan-kevitra | 1 / volana / faritra | 1 000 nandalo |
| Fanentanana faobe/varavarana misokatra | 3 / taona / faritra | 3 000 olona voaentana |

### Ireo mpiara- miombon-antoka teknika amin'ny Koloaina

- Ministeran'ny fahasalamana, fandrindrana ny fiainam-pianakaviana sy ny fiahiana ara- tsosialy (MSPFPS).
- Kaominina Antananarivo renivohitra.
- Ireo Boriborintany
- Ny fokontany 30 hiasan'ny Koloaina
- Hopitaly,toeram-pitsaboana miankina amin'ny fanjakana,toeram-piterahana mety mandray ireo fianakaviana sy ireo zanany.
- Ny Sekoly Fanabeazana Fototra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ireo toby miady amin'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, ireo akanin-jaza tohanan'i Inter aide.
- CEFOR (fampindramam-bola madinika sy fiofanana arak'asa).
- Toby famohazan-tsaina ho an'ny zaza Inter-aide sy praograma fanabezana.
- AFAFI – praograma fiaraha-mientana ho an'ny fahasalamana InterAide.
- Ny fikambanana tsy miankina isan-karazany (Graines de Bitume, Enda OI, ASMAE, Handicap International, centre Yamuna, Avotra, Hardi, CDA, Clinique juridique, Madagaslam, Aléas des Possibles …).
- Vondron'ireo fikambanana (ONG services, Collectif Santé, CARO…) miasa amin'ny sehatra sosialy eto Antananarivo.

### Ireo mpamatsy ara- bola ny Koloaina :

Ministeran'ny raharam-bahiny Frantsay
Les Amis des Enfants du Monde
Fondation Cécile Barbier De la Serre
UNICEF
Fondation Air France



### Ny ekipa Koloaina

Ny taona 2009 dia 30 no mandrafitra ny ekipa Koloaina ka 18 amin'ireo no mpanentana ara-tsosialy izay manatanteraka ny tantsoroka ho fampivoarana ny fiainam-pianakaviana



**Trano anelanelan'ny Bloc 20 sy 24 – aorian'ny Maison des Produits – Rihaana faha II - 67 ha Avaratra –Andrefana 101 – Antananarivo – Madagascar**
**Telefaonina : 020 22 677 56 –**
**Finday : 032 02 823 29**
**E Mail : koloaina@netclub.mg**
**Mety ifandraisana amin'ny Mpanolo-tsaina Ara -teknika InterAide : 032 49 945 55**

*Ny Fikambanana Koloaina dia noforonina sy notohanan'ny ONG Inter aide, miara miasa amin'ireo fianakaviana tena sahirana amin'ny Fokontany 30 ao anatin'ireo boriboritany-1, faha-2, faha-3 ary faha 6 eto Antananarivo renivohitra, ahitana mponina 183 000 eo ho eo.Koloaina dia fikambanana fehezin'ny lalàna malagasy, tsy manao politika ary tsy miankina amin'ny finoana.*